

**FAMPAHAFANTARANA TSOTSOTRA MOMBA NY
MISIONA SACRE CŒUR VOHEMAR**

VOHIMARINA na IHARANA : tanana iray aty amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny Nosy no misy azy, eto amin'ity faritra ity no fihavian' ireo **SAKALAVA, ANJOATY** ary ahitana **TSIMIHETY sy BETSIMISARAKA** vitsivitsy. Ambara fa izy no renivohitry ny sakalava

IREO TANJANY

Famaritana ny distrika :

Velara-tany :7159 Km2

Isan'ny mponina ato anatin'ny faritra :18376 izay misokajy toy izao, ny lehilahy miisa ho 9086 ary ny vavy kosa 9290.

Isan'ny mponina eo anivon'ny DISTRI KA : 280412

Isan'ny mponina isaky ny faritra : 31mponina /km2

Faharetan'ny fahavelomana : 43,5 taona

Isan'ny mpitsabo : 3.0 %

Tsy fahaiza-manoratra :

Lahy : 59.4 %

VAVY : 87.3 %

Tahapahafahana mamonjy sekoly : 5 taona

1915 -2015: isan'ny vita batemy araka ny registre: 9416

Tsara ho fantatra: nisy kosa rovitra sy lenan'ny rano ka tsy hay vakina nohon'ny rivo-doza nandalo

VOHEMAR, ao aminy no ihaonan'ireo lalana rehetra mapitohy ireto faritra manaraka ireto : Antalaha ; Sambava ; Andapa ; Ampanefena ary Ambilobe, izany no antony ilazana fa izy no VAVAHADIN'ireo faritra ireo. Ny voly « vanille », vary, kafe ary jirofo miampy ireo fiompiana omby sy Jono amin'ny fomba nenti-paharazana no tena fototry ny fampandrosoana ity toerana ity, fanampin'ireo rehetra ireo, ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany no anisan'ny mampivavaka ny andavanandrom-piainan'ny Mponina.

Tsy latsa-danja amin'ireo tranga voalaza ireo ihany koa ny fisian'ny **SERANA-TSAMBO** eto Vohemara ho fitaterana ireo kojakoja ilain'ny mponina aty amin'ny faritry SAVA ary indrindra ho fitaterana ireo vokatra haondrana sy hafarana avy any ivelany .

LAFINY ARA-PASTORALY :

Azo lazaina fa **VAO MISANDRATRA NY FIVAVAHANA** eto Vohemara, io dia vokatry ny ezaka sy asa mafy nataon'ireo Misionera niasa nifandimby teto : ireo Jésuites ; Spiritains ; Diocésiens ; Rédemptoristes .

Ato anatin'ny faritry Vohemara dia hita ho maro an'isa ny Mpino katolika raha mitaha amin'ireo Mpino Silamo ; Loterana ; Anglikana ; Protestanta ary ny Advantista ireo vondrom-hafa .

IREO LESOKA HITTA TARATRA AO AMINY

Ato amin'nys faritanin'ny **SAKALAVA , ANJOATY** ary **TSIMIHETY** dia mbola mitana anjara toerana lehibe hatrany ireo fomban-drazana sy ireo fady isan-karazany : maro amin'ireo mponina no mbola mampifangaro ny Fivavahana amin 'ny fomba nenti-mpaharazana , izay efa noasian-teny tao amin'ny filazalazana momba ny Misiona.

Nohon' ny isan'ny mponina ao anatin'ny faritra iray sy ny fifangaroana misy, ny fiompiana nentim-paharazana dia sarotra ho an'ireo toerana sasany ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly, indrindra any amin'ny tapany avaratra-andrefan'ny Misiona.

Ambara fa anisan'ireo faritra lasibatra matetika nohon'ny fandalovan'ny rivo-doza ny faritry Vohemara, iray amin'ireo faritra 12 atahora na amin'ny rivo-doza izy. Sarotra ny fifamezivezana amin'ity toera ity mandritra ny vanimpotoanan'ny orana nohon'ny haratsian-dalana avy any atsimo sy avaratra, madritra io fotoana io ihany koa dia maro ny Kristianina no malaina hivavaka vokatry ny andro ratsy : eo koa ny fahasimban'ny vary sy ny vokatra maro hafa . Inoana ny fahatapahan'ny lalana mampitohy an' **AMBILOBE-VOHEMAR** amin'io vanim-potoana io, noho izany, tsy mitsamitombo vidim-piainana, etsy an-kilany kosa, ny fari-piainan'ny mponina mitsitotongana andro aman'alina .

TANTARAN'NY EGLIZY SACRE –CŒUR DE JESUS ETO VOHEMAR

Ny 02 jona 1902, no tonga teto ny pretra iray : père THEODORE. Nanori-ponenana tamin'ny toerana iray namboarin'ny « Vicariat » izy ary nanorina Fiangonana teo . Vita io Fiangonana io ny taona 1903 ka notsofin'i Mgr CORBET rano tamin'ny 27 jolay , io taona io ihany. Rehefa izany dia nanamboatra trano fonenana mateza teo akaikin'ilay Eglizy io pretra io .niandraikitra ny fonenan'ireo Relijiozy vavy ihany koa izy tamin'izany , ireto farany dia avy amin'ny fikamba nana Franciscaines de Marie .Nosafidian'i père Théodore ireo Relijiozy vavy ireo noho ny fitovian' ny asa

saha n'ny roa tonta . Nanomboka ny taona 1907 ka ha tramin'ny taona 1908, nanorina ny sekolin- jazalahy sy ny sekolin-jazavavy. Nanomboka ny taona 1902 ka hatramin'ny 1908 dia nanorina sekoly ho an'ny zaza madinika ireo pretra niasa teto ka anisa'zany i : P. DENIS izay nanorina ny sekoly Sainte Marie , P.CHARLES nanorina ny misiona Sambava, P.PIERRE izay nanorina ny tany Antalaha, fa ny mikasika ny fandehanan'ny fampianarana dia nanomboka teto Vohémar . Nandray mandrakariva sy tamim-pitiavana ireo olona sahirana ireo Pretra sy Relijiozy ireo. Nanomboka nitaiza zazavavy ireo masera ireo tamin'izireo vao tonga ka hatramin'ny nialany teto tamin'ny taona 1918, ary ireo zazalahy kosa nanomboka ny 1902 ka hatramin'ny 1918 nohon'ny fanoherana nataon'ny fitondrana, ireto no antontan'isa nananana nomboka ny taona 1902 ka hatramin'ny 1912 : 202 ny vita batemy, 115 ny vita komonio voalohany, 86 ny vita fankaherezana, 22 ny vita mariazay . Tamin'ny 1912, ny komonio voalohany nandritra ny taona dia nahatratra 7500, ary ny komonio voalohany nandritra ny Paka 108.

Tamin'ny volana jolay 1910 i P. Théodore , dia voatery niverina tany Frantsa nohon'ny harerahana be loatra nanjo azy tamin'ireo asa mafy nataony, ary i P. Hugues no nisolo azy tamin'ny fitantanana ny misiona . Ny tanjon'io mompera io dia ny hanganana trano fiangonana vita amin'ny vato. Nanangona fitaovana maro izy mba hahafahany mananteraka io fanorenana io toy ny vato, (coraille), dia nanamboatra parpaings maro ihany koa, nohon'ny adin-tsaina sy ny asa izay nataony dia reraka izy sady izay indray azon'ny « crise cardiaque » tamin'ny taona 1918 dia nitoetra irery izy tamin'izany ka i P DIEGO dia tara loatra ny fahatongavany ka taorian'ny nahafatesany vao tonga.

**NY FIAINAN'NY MISIONA VOHEMAR TAO ANATIN'NY
TELOVOLANA VOALOHANY 1939 .**

Raha faritana tsotsotra dia tafiditra ao anatin'ny distrikan'i Vohémar ny misiona, raha avy any atsimo indray dia ao anatin'ny lemak'i Bemarivo, izany hoe ampahany kely amin'ny Fokontany Bemanevika raha avy any atsimo- antsinana sy ny faritra any atsimo andrefana manontolo (cf Registre de visites année 1935 au 1936). Ny reniranon'ny LOKY no mamaritra ny misiona avy any avatra ary sakeli-drano mandeha mianavaratra sy mianatsimo izay mihaona ary samy mivarina any amin'ny ranomasina antsinana. Raha avy any atsimo kosa dia faritan'ny lemak'i Bemarivo izay tafiditra tanteraka ao anatin'ny misionan'i Sambava .

Famaritana amin'ny ankapobeny : ny toerana misy an'i Vohemar dia tena latsaka anivo, izany hoe toerana nitokana izay hiaonan'ireo mpifindra monina. Teto ihany koa no toerana fitobian'ireo jiolahi-tsambo avy any avaratra sy andrefana, izay nanorina tanana kely teto ary vitsy dia vitsy ny mponina, fa ny tany amin'ny faritra andrafainkona dia nampahagaga fa maro dia maro ny olona nipetraka tany.Raha atao bango tokana ny mponin'i Vohemar dia avy any Tsarabaria sy Antsirabe raha avy any antsimo no jerena.

Azo hambara ary fa ny misionan'i Vohemar dia teraka nohon'ny asa nataon'ireo misionera JESUITE « Md JACQUES BERTHIEUX, RP BRUGUIERE, CHENAY, LEROY » , nandritra ny 13 taona no nitorian'izy ireo ny vaovao mahafaly tamin'ny tapany avatra atsinan'ny nosy ary dia tafapaka teto iharana, 1885 ka hatramin'ny 1898. Ary tamin'ny 1891 ka hatramin'ny 1901 dia nodimbiasan'ny pretran'ny Spiritains.Tamin'ny 1902 ka hatramin'ny 1918 izay nialany teto, fa nankinina taminy kosa ny fitoriana ny vaovao mahafaly tany masoala ka hatreto lharana. Tamin'ny novambra 1903 dia tonga nanampy azy ireo indray ny masera franciscaines.Ny taona 1910 ka hatramin'ny 1923 ireto avy ny pretra niasa teto vohemar : p. Hugues Memorit,P. Louis de Gonzague,P. Vencent de Paul, P.Jean Bernaw.

Tao aorian'ny taona nahafatesan'i P. Hugues tamin'ny 1918, niaraka tamin'izay dia nandao ny tananan'i vohemar ihany koa ireo masera .

Fotoana fohy taty aoriana, ireo pretra Spiritains : p. J. Lebaron, P. M. Vogel, P. Moirenol, P. wolff, P. Anglade , nanao fitsidihana teto sy nandray ny asany indray izay nahitana ny avy any Ambilobe (1923-1928), sy ny avy any Antalaha ihany koa (octobre 1928-juillet 1933). Tamin'ny taona 1962 ka hatramin'ny 1970, isan'izany p. Andi Britiche, P. J. Irigaray, P. Jean Pérrain, P. Remi Bevita, P. A. Pérron, P. F. Haurau, P. Ralaigy . p. Anglady nijanona teto ireo hatramin'ny 1972 ary nametraka ny Misiona indray teo ampelan-tanan'ny Rédemptoristes izay mbola eto mandraka androany raha fintinina ara-tantara ny mikasika ny « Region Madagascar » (C.SS.R). tamin'ny volana oktobra 1967 araka ny fangatahana nataon'ny arsevekan'ny Diego-Suarez tany amin'ny Provincen'i Naple izay nataon'i Ex . Mgr Wolff sy Albert Tsihahoana. Izay napetraka mba hikarakara ny tanana iray atao hoe TANAMBAO sy ny faritra kely roa hafa tany ambanivohitra : Anamakia, Antongombato. Namaly ny fangatahan'ny Arseveka ary ny fikambanana ka naniraka an'i P. LUIGI .M. PENTANGELO. Tsara ho marihana fa izy koa no iraky ny fikambanana voalohany taty Vohémar.

tamin'ny volana avrily 1969 no tonga teto i P. JEAN Baptiste Battaglia, ary tamin'ny taona 1971 sy 1974 no tonga teto ihany koa ry P. **Giovanni PADOVANO** sy **Edmondo REDI** ary koa i Frera **Stefano AVAGLIANO**, fotoana fohy tao aorian'izay ry P. **GIOVANNI DI MAIO** sy Vincenzo Martone. Tamin'ny taona 1975 dia ry P. battaglia sy p. Martone ary P. **REDI** no nitantana ny misiona tao Ambilobe, dia niaraka nisokatra tamin'io fotoana io ihany koa ny tany Ampanefena ka i **P. PADOVANO** no niandraikitra tany. Tamin'ny 1972 ka hatramin'izao fotoana dia ny Redemptoriste no misahana ny misiona Vohémar , anisan'izany ry P. **TSIMANARISOA** Pascal, P. BE Gilbert, P. **RAHARIJAONA** Roger P. BE Emmanuel, P. RAZAFIMAHATRATRA Adolphe, P. Jean François **RABENERA**, P. **RAKOTOARIVELO** André Vonjintsoa, P. **RAFENOMBOLAMANANA** Herison Bertrand, P.**RAKOTONANDRASANA** Robbia Roger, P. **RAJAOVITA** Marcel, P. Vincenzo **FAMA'**, P. Vincenzo **SPARAVIGNA**, P. Stefano **VARECHA**, P. **RAKOTOARISOA** Lantoarivelo Herisambatra Eric, Fr. Germain **RAKOTOVAO** .Eto ampamaranana dia tsara ny manamarika fa ny misionera Redamptorista dia tsy niasa irery fa miara miasa amin'ireo hery velona eto amin'ny misiona: **Filles de la Charité du Sacré-Coeur de Jésus** nanomboka tamin-dry Sr Yvonne Charier, Sr Milizara .M. Angèle... sy ny sisa maro hafa taty aoriana anisan'izany ry Sr Raso Edwige, Sr Mbotinesy Anasthasie, Sr Marie Edwige, Sr Honorine Razanamparany, Sr Raso Catherine; teo koa ireo Laika misionera toa an-dry: Tsiresy, lambahely, Imbe...Rajaonarivelo, Rajeston, Camille, Bezafy, Louis Paul, Bedimasy, Razafindramila, Papalo, Tongavelo ,Andrianisa, Senimanana, Jean Marc, Razafindrakoto, Rasoamparany, Ramaroson, Ralaivahiny, Jaotombo sy ny Inspecteurs maro.



FANKALAZANA

**F
A
H
A**



**1
0
0
T
A
O
N
A**



MISSION SACRE COEUR VOHEMAR

1915 - 2015